Vo. Sa. Mi.

Volontariat Salésien Missionnaire

Salohy

Volana Avril 2016

I. Teny mahavelona

« Ireo mpianatra roalahy nankany Emaosy »

Lk. 24, 13-35 :

[13]Androtr'izay ihany dia nisy mpianatra roa lahy nankany amin'ny vohitra anankiray atao hoe **Emaosy,** tokony ho enim-polo stady raha avy eo Jerosalema. [14]Niresaka izany zava-niseho rehetra izany izy ireo. [15]Ary raha mbola niresaka sy nifampilaza izay heviny teny izy, dia nanatona azy Jesoa ka niara-dàlana taminy: [16]fa voasakana tsy hahafantatra azy ny mason'izy ireo. **[17]Inona izato resahinareo etý an-dàlana, hoy izy taminy, no toa dia efa malahelo erý hianareo izany?** [18]Dia namaly ny anankiray atao hoe Kleofasy ka nanao taminy hoe: Hianao irery angaha no vahiny ao Jerosalema tsy mahalala izay zava-niseho tao tato ho ato? [19]Fa hoy izy tamin'ireo: **Zavatra inona moa izany?** Dia hoy ireo: Ny amin'i Jesoa avy any Nazareta, izay Mpaminany mahery tamin'ny asany sy ny teniny teo anatrehan'Andriamanitra sy ny vahoaka rehetra, [20]dia ny amin'ny nanoloran'ny lohandohan'ny mpisorona sy ny lehibentsika azy ho faty, mbamin'ny namantsihana azy tamin'ny hazo fijaliana. [21]Nanantena izahay fa hoe izy no ilay hanavotra an'Israely: kanjo indro fa androany izao no andro fahatelo hatramin'ny nisehoan'izany. [22]Nisy ihany tokoa vehivavy sasany namanay nahasanganehana anay fatratra, fa tany amin'ny fasana maraina koa izy ireo, [23]ary niverina nilaza fa tsy nahita ny fatiny, nefa nahita anjely niseho taminy, nanambara fa velona izy. [24]Dia nankany amin'ny fasana ny sasany taminay ka nahita araka izay nolazain'ny vehivavy, nefa tsy nahita azy.

[25]Ary hoy izy tamin'izy ireo: Ry adala, sy votsa saina amin'ny finoana izay rehetra voalazan'ny mpaminany! [26]Moa tsy tokony ho niaritra izany va ny Kristy mba hidirany amin'ny voninahiny? [27]Dia novoasany tamin'izy ireo ny tenin'i Moizy sy ny mpaminany rehetra manambara azy ao amin'ny Soratra Masina. [28]Nony mby tao akaikin'ny vohitra halehan'izy roa lahy izy ireo, dia nanao hoatra ny mbola handeha lavidavitra ihany Jesoa, [29]fa notanan'izy ireo nataony hoe: Mitoera re atý aminay, fa efa ho hariva izao, efa mandrorona ny andro. Dia niditra niara-nijanona tamin'izy ireo izy. **[30]Ary rahefa niara-nihinana izy ireo, dia nandray ny mofo izy ka notsofiny rano sy novakiny, dia natolony azy ireo**. [31]Izay vao nisokatra ny mason'izy ireo ka nahalala azy, fa izy kosa tonga tsy hitany intsony. [32]Dia nifampilaza izy hoe: Akory izany firehidrehitry ny fontsika tao anatintsika fony izy niresaka tamintsika teny an-dàlana sy nivaofy ny Soratra Masina tamintsika! [33]Niaraka tamin'izay, dia nitsangana izy ireo ka niverina tany Jerosalema, ary nahita ny iraika ambin'ny folo lahy sy ny namany tafavory [34]sady nilaza hoe: Efa nitsangana tokoa ny Tompo, ary efa niseho tamin'i Simona izy. [35]Dia mba notantarain'izy ireo kosa ny zavatra niseho taminy teny an-dàlana sy ny nahafantarany azy tamin'ny famakiana ny mofo.

FANDINIHANA:

Emaosy : Ao amin’ny evanjely dia milaza fa lalana adiny roa miala an’ny Jerosalema io tanàna io.Ho an’ireto mpianatra roa lahy ireto dia teny an-dalana no nisehoan’ny Tantara.

Teny an-dalana izay nisehoan’ny zavatra maro samihafa :

Ny ahiahy, ny fanontaniana, ny fifanakalozan-kevitra, ny fifampizarana ny Tenin’Andriamanitra, ny fiombonana, nisehoan’ny maizina sy ny mazava.

Teny amin’io lalana ion y mpianatra no nisehoan’i Jesoa na dia tsy fantratr’izy ireo aza Izy.

Lalan'ny fitsaganan-ko velona io satria teo ampiandohana dia feno alahelo sy jamba ireto mpianatra ireto saingy tamin'ny farany dia nahita izy ireo ary dia nitsangan-ko velona koa satria dia nitraka teo.

Tarehy roa maneho faharesena :

Teny nihatra tamin'ny ain-dehiben' ireto mpianatra ireto ity zava-niseho ity.

Efa nilaozany daholo ny tranony sy ny fianakaviany, fa efa nanapa-kevitra tanteraka izy ireo fa hanara-dia an'i Jesoa.Nihaino ny fampianaran'ny ary vavolombelon'ny fahagagana rehetra niseho ary indrindra nandeha nitory an'i Jesoa. Kanjo tamin'ny fotoana saro-bidy indrindra nanoloran'i Jesoa ny tenany, nandao azy daholo ny mpianany rehetra. Fa nahoana àry ?

Satria tsy noheverin'izy ireo hoe ny fijaliana ihany koa dia tafiditra ao anatin'ny Fiainana. Ary ny dia nanapa-kevitra izy ireo niverina any amin'ny fiainany an-davanandro, ny fo feno alahelo, tena very fanantenana tanteraka, vao maika niharatsy satria niaina tsy nisy finoana an'Andriamanitra intsony.

Niaraka tamin'izy ireo :

Ny tena dikany dia ny hoe miaina eo anilan'ilay olona iray hafa, na faly , ny mijaly, na sahirana izy dia eo mandrakariva miaraka aminy n'inon'inona miseho. Teny an-dalana ho any Emaosy, i Jesoa tsy teo akaiky fa nanantona azy ireo, nanakaiky azy, niara-dalana sy nihaino azy ireo.

F**anontaniana tsy nampoizina avy amin'ny olona iray tsy fantatra akory :**

Sahiran-tsaina be izy roa lahy amin'ny mahazo azy ka tsy nahalala intsony hoe iza moa ity miara-dalana aminy ity.Rehefa diso mifatoka amin'ny tena dia tsy afaka ny hahita an'Andriamanitra mihitsy isika. Ny tokony hatao dia aseho Aminy fa olombelona malemy isika. Ny fanontaniana tsy nampoizina no nanova ny zava-nisy teo, nandrava tanteraka ny fanapahan-kevitra diso noraisin'izy roa lahy fa nanampy azy ireo kosa hijery lavitra ; hanokatra ny varavaran'ny fony amin'ny fanantenana indray.

Famakiana ny Mofo :

I Jesoa dia 'lay mpiandry ondry tsara mitady mandrakariva ny ondry very sy mania.

Tahaka ny mahazatra dia hazavainy moramora ny feon'ny fieritreretan'ny olona ary dia taritiny tsikelikely hahalala ny tena marina eo amin'ny fiainana. Ny fihainoana azy fotsiny dia efa nanomana azy roa lahy hahafantatra azy tsikelikely : ary rehefa nandray ny mofo Izy, namaky izany, nitso-drano ary nanome azy ireo. Fihetsika mitovy amin'ny nataon'i Jesoa tamin'ny sakafo farany niarahany tamin'ny mpianany. Fa rehefa nahafantatra izy roa lahy fa i Jesoa io dia niova daholo ny zava-drehetra, lasa feno hafanam-po indray, lasa nanana fomba fijery faha ny zava-nitranga teo aloha.

Na dia efa hariva aza ny andro tamin'izay, dia feno Hery sy hafanam-po izy ireo, ka nitsangana, lasa niverina namonjy ny namany haingana mba hizara ny zava-nisy dia ny fihaonan-dry zareo tamin'i Jesoa, fa tena nitsangan-ko velona tokoa Izy.

Fifampizarana

1- Aiza ho aiza ny anjara toeran'ny Tenin'Andriamanitra eo amin'ny fiainanao andavanandro ?

2- « Velona i Jesoa » ary miara-dalana amintsika eo isan'andro, ahoana ny hevitrao mikasika izany ?

3- Mba tsaraonao ve hoe efa nandalo fotoan-tsarotra ianao teo amin'ny fiainana : alahelo naharitra, fahakiviana tamin'ny fotoana tsy nampoizina nefa nitondra hafaliana izany avy eo. Inona no nanova izany mba hitondra hafaliana sy fanantenana ho anao sy ny hafa manodidina anao ? Tantarao ao anaty fehezan-teny 3 na 4 ny valin-teninao.

4- Aiza avy no mba anovozanao hery hoentina miatrika ny fiainana indrandra amin'ny fotoana sarotra andalovanao ireny ? Nahoana ?

II- *Vatsy*

NY ASAM-PAMONJENA ATAON'NY LAHIKA

« Mandehana ianareo amin'izao tontolo izao, mitoria ny Evanjely amin'ny voaary rehetra »

Dia an-kafaliana indray ary no iarahabana antsika rehetra tratry ny fetin'ny Paka; izao fankalazana ny nahafatesan'i Jesoa Kristy sy ny nitsanganany ho velona izao anie hanamafy hatrany ny finoantsika sy ny fijoroantsika ho vavolombelony eo anivon'izao tontolo izao.

Amin'izao vanim-potoana fankalazana ny Paka izao ny Tenin'Andriamanitra, na ny Evanjely na ny boky mitantara ny asan'ny Apôstôly, dia samy maneho sy manamafy fa nitsangan-ko velona tokoa i Jesoa. Ny evanjely dia mitanisa ireo fisehoana maro nataon'i Jesoa mba hanaporofoana amin'ireo mpianany fa velona tokoa Izy araka izay efa voalazany, mba hanamafisana ny finoan'izy ireo. Ny boky mitantara ny asan'ny apôstôly koa dia maneho ireo fijoroana ho vavolombelona nataon'ireo apôstôly, izay manambara sy manatitratitra ary manamafy fa natsangan'Andriamanitra ho velona i Jesoa ilay novoina sy nofatsihana tamin'ny hazofijaliana iny.

Tao anatin'izany rehetra izany no nahazoan'ireo mpianatra ny hafatrafatra hoe ***"mandehana ianareo amin'izao tontolo izao, mitoria ny evanjely amin'ny voaary rehetra"***. Tsy nisalasala na natahotra intsony ny mpianatra, rehefa nahazo ny Fanahy Masina, fa lasa avy hatrany nitory an'i Kristy sy ny fampianarany, nanao batemy ary nijoro ho vavolombelony eny na hatramin'ny fahafatesana aza.

Izany no asa fanirahana azon'ireo mpianatr'i Jesoa ka notanterahin'izy ireo hatramin'ny farany. Mandray anjara amin'izany asa fanirahana izany koa isika, noho ny batemy noraisintsika ka nahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra sy kristianina, izany hoe mpanara-dia an'i Kristy, manohy ny asam-pamonjena ataon'ny Fiangonana ao amin'ny Fiangonana. Izany asam-pamonjena sahaza ny kristianina izany, indrindra ny mahakasina ny lahika, no hodinihintsika amin'ity famelabelaran-kevitra ity, araka ny voalaza ao amin'ny Kônsily vatikana faharoa.

1- Manana anjara amin'ny raharaha nanirahana ny Fiangonana ny kristianina lahika

Araka ny efa hitantsika tany amin'ny volana janoary sy febroary tany dia manohy ny asa famonjena nataon'i Kristy ny Fiangoanana. Mitory ny Vaovao Mahafaly, manamasina ny vahoakan'Andriamanitra Izy; mampiombona ny vatana ho iray ao amin'ny loha dia i Kristy. Mamondrona ireo ratsam-batana maro mba ho iray ao amin'ny vatana tokana. Nankinin'i Kristy amin'ny Apôstôly izany andraikitra hampianatra sy hanamasina ary hitondra ny vahoakan'Andriamanitra izany.

"Fa ny kristianina lahika kosa dia nomena anjara amin'ny maha-mpisorona sy mpaminany ary mpanjaka an'i Kristy, ka miantsoroka ny anjara tandrify azy amin'ny raharaha nanirahana ny vahoakan'Andriamanitra manontolo, ao amin'ny Fiangoanana sy eo amin'izao tontolo izao. Tena manao asa famonjena izy rehefa mandany mondron-kery mitory ny Vaovao Mahafaly hamonto ny raharaha ara-nofo sy handavorary azy; ka ny fikelezany aina amin'izany dia fijoroany miharihary ho vavolombelona manambara an'i Kristy ary fanatontosany ny anjarany amin'ny famonjena ny olombelona".[1]

2- Fototra iorenan'ny asa famonjena ataon'ny kristianina lahika

Tsy mandeha ho azy ny asa famonjena ataon'ny kristianina lahika ***fa mifototra amin'i Kristy***; noho ny batemy noraisiny dia tonga mpianatr'i Kristy izy, mpanara-dia Azy sy mpiray asa Aminy. Tsy maintsy miray amin'i Kristy Filohany ny kristianina ary izay rehetra ataony dia tsy maintsy amin'ny alalan'i Kristy fa tsy amin'ny alalan'ny tenany mihitsy. Ny Tenin'Andriamanitra sy ny Sakramenta, indrindra ny Eôkaristia, no mamelona azy sy mampamokatra izay ikelezany aina.

Mba hanatontosana izany dia tsy maintsy velomina ao am-po lalandava ny finoana sy ny fanantenana ary ny fitiavana; ny fananana izany mantsy no hampitodika antsika any amin'Andriamanitra ka hanatontosantsika ny adidy ny andraikitra tandrify antsika tsirairay avy. "Fa ny fitiavana no lehibe indrindra", hoy I Md Paoly. Io fitiavana io no hanentana sy hibaiko antsika hanao izay rehetra ataontsika ho araka ny sitra-pon'Andriamanitra ary hikendry mandrakariva izay hahasoa ny hafa.

Eo am-panatontosana izany asa masina izany dia eo ny Fanahy Masina, izay manilo sy mitantana ary mizarazara ny fanomezam-pahasoavana maro(na karisma), araka ny tandrify ny tsirairay. Izany fanomezam-pahasoavana tandrify ny tsirairay izany no andraisany anjara ka anatontosany ny asa famonjena ao amin'ny Fiangonana.

3- Toe-panahy ilaina amin'ny asa famonjena

Raha tiana ny hampisy vokatra ny asa famonjena atao dia ny firaisana aina amin'i Kristy no toe-panahy tsy maintsy ananana voalohany indrindra satria hoy Izy hoe: "Izay mitoetra ao amiko sy itoerako no mamoa be, satria raha tsy Izaho, tsy mahefa na inona na inona ianareo"(Jn 15,5). Omena an'Andriamanitra izany ny anjara toerana voalohany eo amin'ny fiainana sy izay atao rehetra. Fa ho famelomana izany firaisan'aina amin'i Kristy izany dia ilaina ireo sakafo ara-panahy isan-karazany toy ny vavaka, ny Tenin'Andriamanitra sy ny Sakramenta. Tsy tokony hosarahina amin'ny fiainana ara-panahy izany ny fiainana sy izay rehetra atao. Mazava eto ny tian'i Don Bosco hambara ny amin'ilay fiainam-panahin'ny fampifandraisana ny fiainana sy ny finoana. Manamafy izany i Md Paoly ka nanao hoe: "Na inona na inona ataonareo, na amin'ny teny na amin'ny asa, dia ataovy amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Tompo ny zavatra rehetra, ary amim-pisaorana an'Andriamanitra Ray amin'ny Anarany" (Kôl. 3, 17)

[1] Sori-dalana momba ny asam-pamonjena ataon'ny Lahika, laharana faha-2.

Fa anisan'ny toe-panahy tokony hanana koa, araka ny efa voalaza teo aloha, ny fananana ny finoana, ny fanantenana ary ny fitiavana. Mampitodika mandrakariva any amin'Andriamanitra ireo hatsaram-panahy ireo ary manentana amin'izay rehetra atao mba ho araka an'Andriamanitra mandrakariva izay atao.

Fifampizarana

1- Avy aiza no tena fototry ny asam-pamonjena ataon'ny Fiangonana? Nahoana?
2- Inona avy no mety ho anjara asa anirahana ny lahika ao anatin'ny Fiangonana?
3- Miorina amin'ny inona ny asam-pamonjena sahanin'ny lahika?
4- Afaka manao izay tiany hatao sy izay sai-patany ve ny lahika eo amin'ny asa nanirahana azy ao amin'ny Fiangonana? Nahoana?
5- Amin'ny maha kristianina lahika anao, efa mba nandray anjara teo amin'ny sehatry ny Fiangonana ve ianao? Inona no nahafinaritra anao ary inona koa no nanahirana?

III-Ao amin'ny sekolin'i Don Bosco

Fanazavana: rehefa avy niresaka ireo andry telo ijoroan'ny fomba fanabeazan'i Don Bosco isika, dia hiditra indray amin'ny fiainam-panahy salezianina. Koa ity fiainam-panahy salezianina ity indray izany no hodinihintsika manomboka izao. Koa samia àry mahereza daholo.

NY FIAINAM-PANAHY SALEZIANINA

Ny loharanon'ny fiainam-panahy salezianina dia ny fiainan'i Joany Bosco mbola tovolahy kely sy i Mb Marie Dominique Mazzarello, izay nihaino sy nitady ny antson'Andriamanitra mba ho tonga apostolin'ny tanora namana. Misy vanim-potoana sasantsasany teo amin'ny tantaram-piainan'izy ireo izay tena ahitana mazava ny loharanon'izany fiainam-panahy izany:

- Tao amin'ny nofin'i Joany fony izy sivy taona, izay nahazoany an' i Masina Maria ho reny sy mpampianatra, nanentana azy nandritra ny fiainany
- Tao amin'ny kilalao sy ny ezaka nanentanany ny namany hivavaka tany Becchi (Italia)
- Tao amin'ny andram-piainana nataony tany Chieri raha niara-nanorina tamin'ireo namany ny *Fikambanan'ny Hafaliana*, mba hifanentana amin'ny tsara, sy amin'ny famolavolana ny ho avy, ary amin'ny famonjena ny namana.
- Taty aoriana tao amin'ny Oratorio voalohany tany Valdocco dia niarahan'i Don Bosco niaina tamin'ireo tanora nanaraka azy izany fiainam-panahy izany. Ny vokatr'izany dia hita tao amin'ny fiainan'i Md Dominique Savio, Francesco Besucco, Michele Magone, Olontsambatra Laura Vicuna, Zefirino Namuncurà ary ny maro hafa ihany koa
- Tao amin'ny fikambanana *Filles de l'Immaculée,* naorin'i Marie Dominique Mazzarello niaraka tamin'ireo tovovavy namany mba hidera an'Andriamanitra sy mampianatra ny ankizivavy mahantra tao Mornese
- Tao amin'ny fihaonan'i Marie Dominique tamin'i Don Bosco, izay nahafahan'i Marie Dominique sy ny namany hanitatra ny andram-piainany ho an'ny tanora tsy hita isa.

Niaraka tamin'ireo tanora maro nanaraka azy ireo dia nanokatra lalam-pahamasinana vaovao i Don Bosco sy i Marie Dominique, izay miantso ny tanora mba handray andraikitra amin'ny fanabeazana ny tenany sy hamaly ny antson'Andriamanitra ho tonga apôstôlin'ny tanora namana.

Zary ho tanjona azo tratrarin'ny tanora rehetra ny fahamasinana, satria:

- miainga avy amin'ny fitiavan'ny fiainana misy ao am-pon'ny tanora tsirairay
- manolotra lalam-panabeazana araka izay dingana sy ambaratonga iainan'ny tanora
- manampy ny tanora hametraka tanjona ambony kokoa ao amin'ny fiainany ny Fiainam-panahy salezianina ho an'ny tanora.

Raha tiana ho tratra ary io tanjona io dia ny fiainampanahy salezianina no lalana hahazoana azy koa
Raha fintinina dia manana endrika dimy ity *Fiainam-panahy saleziana ho an'ny tanora* ity:

1. *Fiainam-panahin'ny andavanandro* (spiritualité du quotidien)
2. *Fiainam-panahin'ny hafaliana* (spiritualité de la joie
3. *Fiainam-panahy velomin'ny fifandraisana amin'i Jesoa Tompo*
4. *Fiainam-panahin'ny fiombonana amin'ny Fiangonana*
5. *Fiainam-panahin'ny asa fanompoana*

Ho dinihina tsirairay ary hazavaina ary ireo fiainampanahy ireo.

1. ***FIAINAM-PANAHIN'NY ANDAVANANDRO*** (spiritualité du quotidien)

Raha fintinina ity fiainampanahy ity dia ny fampifandraisana ny fiainana andavanandro sy ny finoana.
Ny fiainana andavanandro no sehatra hikarohana ny fototry ny Fiainam-panahy salezianina. Ny hevitry ny fiainana no dinihina ao amin'izany asa fikarohana izany ary ny fahalalana ny misterin'Andriamanitra no lalana hahafahana mizotra amin'zany.
Ny fandalinana ny misterin'ny fahatongavan'i Jesoa ho nofo no azo lazaina fa fototry ny fiainanan andavanandro. Io Mistery io no manambara fa eo anivontsika mandrakariva Andriamanitra. Izy Jesoa mihintsy no mampianatra antsika hoe: " indro aho eo aminareo mandrakariva mandrapahatapitr'izao tontolo izao";
Tokony ho tsapa foana izay fisian'Andriamanitra izay amin' izay hatao rehetra: hoy i maman Marguerita taminjanay fony i joany mbola kely. " tsarovy anaka fa mahita anao foana Andriamanitra." Izany teny izany koa no manentana antsika handray ampahatsorana ny zava-mitranga isan'andro, manaiky ireo olana ho sedraina sy ireo fanontaniana isan-karazany mipetraka eo amin'ny fiainana ary ireo fifanoherana entin'ny fivoarana.
Ny endrik'i Jesoa mpiandry ondry tsara no modely omen'i don Bosco an'ireo manabe ny tanora mba hahay mandray ny fiainanany ho loharanon-kafaliana. Vonona hanome ny ainy ho an'ny ondriny ny mpiandry tsara ary vonona hitari-dalana azy ireo koa. Ny mpanabe izany dia tokony haka tahaka an'i Jesoa mpiandry ondry tsara vonona handray sy hikarakara ary hanome hery vaovao ho an'ireo tanora tonga eo aminy.
Farany: tsy maba ivelan'ny asa fanao andavanandro no tokony hitadiavana ny Tompo fa ny fanatanterahana azy ireny ao anatin'ny hafaliana tanteraka. Hafatra napetrak'i don Bosco tao amin'ny boky nosoratany ny hoe: "tiako ny hiainanareo ao anatin'ny hafaliana tanteraka." Koa raha tiana ny hanampy ny tanora hiaina ny hasambarana dia izany sori-dalana mifototra amin'ny hafaliana izany no tsy maintsy katsahana sy hampiarina amin'ny fampanjakana ny fiarahamiaina feno fifanpizarana sy hafaliana lalina toy ny an'ny mpianakavy. Io fiainam-panahy mifototra amin'ny hafaliana io ihany koa no ho dinihintsika amin'ny taratasy manaraka izay andry faharoa amin'ny fiainam-panahy salezianina .

Fifampizarana

1-Eo anivon'ny fiainantsika andavan'andro Andriamanitra. Efa tsapanao ve ny fisiany eo amin'ny fiainanao manokana? Amin'ny lafiny inona indrindra no nahatsapanao izany?
2-Manampy anao handalina ny finoana an'Andriamanitra ve ny fandinihana ny Misterin'ny fahatongavana ho nofo?
3-Ao amin' ny fifandraisana amin'ny namana no hahatsapana ny fitsimbinan'Andriamanitra. Ny fiarahanao amin'ny namanao ve manampy anao hahatsapa izay fitsimbinan'Andriamanitra izay sa vao mainka aza lasa sakana amin'ny fifandraisanao Aminy?